

A Fanambarana sy tsindrimandry. 1 Petera 1:10-11.

- ❖ Ny fanambarana dia ny fahafantarana fa ny Fanahy Masina dia mampita fahalalana momban'ny zavatra izay tsy haintsika takarina amin'ny tenantsika irery.
- ❖ Ny tsindrimandry dia ny fomba filazan'ny Fanahy Masina ny fahamarinana amin'ny alalan'ny olombelona.

B Ny Fanahy Masina sy ny fiandohan'ny Teny:

❖ **Mpanao fanambarana. 1 Korintiana 2:10.**

- Ahoana no ahafantarantsika ny sitrapon'Andriamanitra raha toa ka tsy ambaran'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny Teny izany?
- Ireo fahamarinana ao amin'ny Baiboly dia fanambarana mivantana avy amin'Andriamanitra. Tsy hivetra na fandikan-kevitr'olombelona fa an'Andriamanitra.

❖ **Mpanome tsindrimandry. 2 Petera 1:21.**

- Andriamanitra no nitarika ireo mpanoratra ny Baiboly hanazava ny fisainany amin'ny fomba azo antoka sy azo itokiana amin'ny fampiasana ny fitenin'olombelona avy amin'ny tsindrimandry.
- Samihafa ny fomba fanoratana ho an'ny olona tsirairay sy ny fotoana tsirairay.
 - (a) Indraindray izy ireo dia maharay teny mivantana ialohavan'ny hoe “Izao no lazain'i Jehovah,” (Isaia 37:6).
 - (b) Indraindray izy ireo dia maharay fahitana na nofy izay lazainy amin'ny fomba fiteniny (Ezekiela 1:4).
 - (d) Indraindray izy ireo dia manao famotompotorana sy fikarohana mba hanazavana tsara ireo zava-niseho sy ireo fampianarana (Lioka 1:6).

❖ **Azo itokiana. Salamo 119:160.**

- Ny olona sasany dia misalasala ny amin'ny maha-marina ny Baiboly satria tsy azon'izy ireo ny tontolon-kevitra na tsy eken'izy ireo ireo zavatra niseho tamin'ny fomba mahagaga.
- Tsy mahay mandainga Andriamanitra (Hebreo 6:18). Noho izany, ny zavatra rehetra izay lazainy ao amin'ny Teniny dia MARINA.
- Tsy afaka mitsara ny Baiboly isika; ny fisainantsika no tsy maintsy tsarina amin'ny alalany.

D Ny Fanahy Masina sy ny Teny ankehitriny.

❖ **Ny Mpampianatra antsika. Jaona 16:13.**

- Raha amin'ny fisaintsainantsika irery ihany dia tsy hahatakatra ny Baiboly isika, satria tsy maintsy araka ny Fanahy no hahatakarana ny fahamarinana ara-panahy (1Kor. 2:13). Izany no mahatonga ny Fanahy masina manampy antsika:
 - (a) Hahatakatra ireo fahamarinan'ny foto-pampianarana ao amin'ny Baiboly.
 - (b) Hahatakatra ny fahamarinana momba ny tenantsika.
- Rehefa manapa-kevitra ny hamaly ny fitarihan'ny Fanahy Masina isika ary manaiky am-panetretena ny tari-dalana avy amin'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly, dia hovain'ny fahasoavan'Andriamanitra ny fiainantsika, ary arovany amin'ireo fitaka avy amin'ny devoly ny fisainantsika.

❖ **Tsy mifanohitra. Jaona 5:46-47.**

- Afaka mitarika antsika ho amin'ny fahamarinana ny amin'i Jesosy ve ny Fanahy Masina (na foto-pinoana hafa) izay mifanohitra amin'ny hafatry ny Baiboly (Jaona 16:13-14)?
- Tsy afaka manohitra ny Tenin'Andriamanitra ny Fanahy Masina. Raha misy olona milaza fa tarihin'ny Fanahy Masina izy nefa mampianatra foto-pampianarana izay mifanohitra amin'ny Baiboly, dia tsy milaza ny marina izy izany.